Ny fianianana dia mampandany entam-barotra, saingy manaisotra tombony

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A) niteny hoe : Izaho dia nandre an'ny Mpaminany (S.A.W) niteny manao hoe : "Ny fianianana dia mampandany entam-barotra, saingy manaisotra tombony."

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nampitandrina ny Mpaminany (S.A.W) ny amin'ny fianianana sy ny fanaovana izany im-betsaka, na dia marina amin'ny fividianana sy fivarotana aza izy, ary nilaza izy fa izany dia antony mampalaza ny entana sy ny varotra, saingy mampihena sy manaisotra ary manafoana ny fahasoavan'ny tombom-barotra, ary Allah dia afaka mametraka azy amin’ny fomba izay hahatonga fahavoazana, na amin’ny alàlan’ny fangalarana, ny fandoroana, ny fandatsahan-drano, ny fandrobana, na ny fahavoazana hafa.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/5936